

# FISORATANA ANARANA HO AN'NY #Sokajy ASA SY TANORA "ACTION AND YOUTH"

Ity sokajy ity dia natokana ho an'ireo rafitra ara-panjakana, kaominina, fikambanana tsy miankina, fikambanana eny anivon'ny fiangonana izay nanao asa miavaka ho fanatrarana ireo tanjona voarakitra ao anatin'ny Fenitry ny SADC momba ny Miralenta sy ny Fampandrosoana, aorian'ny taona 2015 sy ireo tanjon'ny fampandrosoana maharitra, mifanaraka amin'ireo lohahevitra momba ny:

Fahasalamana sy zo ara-pananahana, ao anatin'izany ny ady amin'ny herisetra, ny VIH sy SIDA  
Fitantanana, ao anatin'izany ny Ainga 50/50, filaminana sy fandriam-pahalemana, lalàna fototra fivoavan'ny toe-trandro sy fampandrosoana maharitra  
Fitoviana eo amin'ny lafiny toe-karena, ao anatin'izany ny fampianarana, ny fanofanana, ary ny fampandrosoana ara-toe-karena.

Safidio amin'ireo lohahevitra voalaza ireo ny sokajy misy anao!

Mizara dimy (5) ny famenoana ity fandraisana anjara ity:

Filazana ny momba ilay mpanolotra (ny mombamomba anao; fenoina na fidina izay mifaraka aminao)  
Sokajy (Misy safidy efatra).  
Fanolorana ny tetikasa (lahatsoratra fanazavana momba ilay tetikasa)  
Porofa(an-tsoraka, an-tsary na horonan-tsary )  
Fandalinana (Mariho izay mifanaraka amin'ny tetikasanao)

Raha te-hametraka dika mitovy amin'ny fanadihadiana ianao alohan'ny hanombohanao hanindry ny rohy etsy ambany, dia ny haino aman-jery amin'ny aterineto ihany no hodinihina ka mila miverina ianao ary mameno ny fidirana an-tserasera:

[Malagasy](#)

langaviana ianao hamaky tsara ity torolalana ity mialohan'ny hamenoana ny fandraisanao anjara:

Fenoy mialoha ny mombamomba anao. Izany dia hahafahanao mameno ny ambin'ny fandraisana anjara amin'ny fotoana manaraka. Azonao atao ny mameno tsikelikely ny fandraisanao anjara amin'ny alalan'ny fanindrina ny teboka natokana ho amin'izany izay hitanao eo ambonin'ny pejy. Ho angatahina aminao ny adiresy mailaka ary ho alefa aminao ny rohy (lien) hahafahanao miverina eo amin'ny asa vitanao teo aloha.

Ny fizarana rehetra DIA TOKONY ho fenoina avokoa.

Ireo ahitana kintana mena (\*) dia tsy maintsy fenoina.

Rehefa mahita tsipika midina ianao dia tokony hisafidy izay mifanaraka amin'ny tetikasanao.

Ampiasao ny OANDA na izay rohy nomena anao hamadihana ny vola malagasy ho Dolara.

Tena tsara raha ny olona hanolotra ny asa no mameno ny fandraisana anjara. Raha toa ka tsy ilay mpanolotra no mameno azy dia ny mombamomba ilay mpanolotra no hamenona ny fandraisana anjara.

Ny andraikitra, Fianarana natao, Taona, Lahy sa Vavy, Adiresy mailaka ary ny laharana finday dia tokony an'ny mpanolotra ny asa.

Tokony hisy ny porofo, ohatra drafitrasa, politika, sary, lahatsoratra an-gazety, horonan-tsary tamin'ny fahitalavitra, lahatsoratra fijoroana vavolombelona (taratasy na mailaka), entina hanamarinana ny asa vitanao. Tsy tokony hihoatra ny 50 MB nefa ny porofo ampidirinao. Afaka mampiditra porofo hatramin'ny 10 ianao.

Raha toa ka tsy voafenonao indray mandeha ny takelaka rehetra dia araho ireo torolalana manaraka ireto:

Rehefa vita ny pejy 1(izany hoe eo amin'ny pejy 2 ianao izao) dia tsindrio ny teboka ery ambony milaza hoe, "Tohizana amin'ny manaraka":

Raha mila fanampiana ianao dia aza misalasala manantona ny biraon'ny Gender Links:

<http://genderlinks.org.za/who-we-are/where-we-work/>

Na mandefa mailaka amin'ny: [madaprogoofficer@genderlinks.org.za](mailto:madaprogoofficer@genderlinks.org.za).

## **MOMBA NY MPANOLOTRA**

Raha tsy ilay mpanolotra no mameno ity dia ny mombamomba ilay olona hanolotra ny asa no fenoina eto.

### **1. Is this a SUMMIT application or an Alliance Most Significant Results Application?**

Summit Application

### **2. Daty**

05/31/2019

### **3. Anarana**

DIANELA

### **4. Fanampin'ananarana**

Eliasy Cinna

### **5. Lahy/Vavy**

Vavy

### **6. Anaran'ny fikambanana/Toeram-piasana**

Lehiben'ny Sampandraharaha miadidy ny Mponina sy Fiahiana ara-tSosialy ary ny Fampivoarana ny Vehivavy

### **7. Andraikitra**

Hafa

### **8. Firenena**

Madagascar

### **9. Faritra**

Matsiatra Ambony

**10. Kaominina**

Ambalakely

**11. Adiresy mailaka**

eliasycinna@yahoo.fr

**12. Laharan-tariby oh. 00261 20 22 350 51**

00261340875270

**13. Laharana finday oh. 00261 34 43 087 78**

00261340875270

**14. Salan-taona**

31- 40

**15. Fianarana natao**

Oniversite

**16. Manana fasasembanana ve ianao**

Tsia

**17. Lohatenin'ilay tetikasa (oh. Vehivavy eo amin'ny kaominina Maintirano miatrika ny fiovaovan'ny toe-trandro)**

Andao hifanome tanana amin'ny fampanjakana ny miralenta sy ny fampanandrosoana ary famongorana ny herisetra mifototra amin'ny miralenta ho fampahafana ireo sokajin'olona rehetra

**18. Karazana fikambanana**

Governemanta

**19. Sokajy**

Fitantanana– ao anatin'izany ny lalàna fototra, ny hetsika 50/50, ny filaminanana sy fandriam-pahalemana

**FANOLORANA NY TETIKASA**

## **20. Fanazavana fohy momba ny tetikasa natao (Teny miisa 150 )**

**Famaritana ny asa natao, inona no tena mampiavaka ilay asa/hetsika raha oharina amin'ny tetikasa hafa?**

Lehiben'ny Sampandraharaha miadidy ny Mponina sy fiahiana ara-tSosialy ary ny Fampivoarana ny Vehivavy Lalangina ny tenako sady tompon'andraikitra regionaly ny fanamariana olona ato amin'ny Faritra Matsiatra Ambony. Milomano anatin'ny fitolomana ny zon'ny olombelona no sady mpanentana matianina amin'ny serasera sy fandresehan-dahatra ary manana fahaiza-mihaino, fandravonana ny disadisa, fanentanana, fampiofanana. Napetraka ireo komity ny miralenta, tambazotra ny vevivavy sy tanora eny anivon'ny kaominina ahafahana mampiditra sy mampanjaka ny miralenta amin'ny sehatra rehetra, fanomezana fitaovam-pamokarana an'ireo fikambanana. Raisina an-tanana ireo hiaran'ny herisetra sy hijerevana ny maha olona mba hisitrahany tanteraka ny zony, fiahian'ireo sokajin'olona marefo mba tsy hiankinany tanteraka amin'ny hafa .

## **21. Tanjona (Teny miisa 250)**

**Inona avy ireo tanjona noezahana hotratrarina tamin'ny fanatanterahana ny asa?**

- Fampandehan'ilay ivon-toerana fihainaona ireo olona manana olona mba hamongorana ny herisetra, hampanjakana ny miralenta
- Fanoahanana sy famporosihana an'ireo olona marefo izay tsapa fa maro an'isa ka tokony hitondra fampandrosoana hoan'ny faritra misy azy
- Filaminana sy fandriam-pahalemana lavitry ny herisetra amin'ny alalan'ny andrimasom-pokonolona natrangana any amin'ny kaominina 16
- Fanaparihana ny lalana velona sy fampahafantarina azy amin'ny alalan'ny haino aman-jery
- Amafisina ireo asa ho fandresehan-dahatra, fifandraisana mba ho tombotsoan'ireo sokajin'olona marefo (zokiolona, sembana, ankizy, vehivavy)
- Famerenana azy ireo eny anivon'ny fiaraha-monina nisy azy
- Fanentanana ny vehivavy hiditra sy handraisana anjara eo amin'ny sehatrin'ny fitantanana ifotony (campagne 50/50), ary ny paik'ady ny serasera
- Amoraina ny fahafahan'ireo vehivavy hanao asa mampidi-bola
- Famerenana amin'ny laoniny ny fitokisan'ny vahoaka ny fanjakana sy ny fitondrana
- Fanomezana lanja ny miralenta eo amin'ny asa atao ho an'ny vahoaka eo anivon'ny kaominina
- Fananganana ireo tambazotra misahana ny fiahiana ara-tsosialy mba ahafahan'izy ireo misintraka ny zony (GTPS, PFG
- Ampiroboroana ny fitovian-jo sy ny fahaleovan-tenan'ny vehivavy
- Fitaizana ara-tsaina ireo zatovo hanana tanjona matotra hitsinjovany ny ho avy
- Hampihena ny tahan'ny herisetra mahazo ny vehivavy eo anivon'ny fiarahamonina amin'ny endriny rehetra
- Fandraisana anjaran'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny fisorohana ady sy fametrahana fandriampahalemena

## 22. Asa natao (Teny miisa 300)

**Inona avy ireo dingana narahina tamin'ny fanatanterahana ny asa? Inona avy ireo asa notanterahina isaky ny dingana tsirairay?**

Inona avy ireo dingana narahina tamin'ny fanatanterahana ny asa? Inona avy ireo asa notanterahina isaky ny dingana tsirairay?

1- Fiahiana ara-tsosialy:

a) Asa fisorohana:

-Famorian-bahoaka hanaovana fanentanana, manao fandresen-dahatra an'ireo mpitondra sy ireo tompon'andraikitra ifotony, fampiofanana sy fifanakolazana traik'efa amin'ireo mpisehatra ara-sosialy momba ny vehivavy sy ny ankizivavy, ankizy, zokiolona ary ireo olona manana fahasembanana.

-Fampandraisana andraikitra sy fanofanana ary fampahatongavan-tsaina ny olona rehetra tsy an-kanavaka

b) Asa fitsaboana:

-Fandraisana an-tanana an'ireo iharan'ny herisetra sy ireo mpanao herisetra sy izay rehetra voakasika mba ahafantarana ny tena fototry ny olona. Fandravonana ny ady

-Fanadihadiana ara-tsosialy eny ifotony mba ahafahana manampy ireo olona manana olona ara-piarahamonina

d) Asa fanarenana:

-Famerenana eny anivon'ny fiaraha-monina miampy fanamafisana fahaiza-manao sy asa mampidi-bola izay eritreretinay ho mahomby (Ny fanamboarana tetikasam-piainana na firosoana amin'ny famahana ny olona).

e) Hetsika fanentanana mba hahatonga saina ny olona

-Fitaizana ny mponina mba hanao ny famongorana ny Herisetra ho vaindohandrahaha.

Andro iraisam-pirenena sy manera-tany hiraisan'ireo servisy rehetra (Hetsika isankarazany izay maneho ny firaisankina ny servisy rehetra).

2- Fampandrosoana ara-tsosialy

-Fanomezana fanofanana sy fidirana amin'ny sehatr'asa madinika na ny Activit  G n ratrice de Revenu

-Amin'ny lafiny fanohanana sy fanampiana miaraka amin'ireo mpiara miombona antoka

-Fampiofanana ireo komitin'ny miralenta amin'ny kaominina 16 rehetra ao Lalangina

-Fanofanana ireo mpisehatra ao amin'ny CECJ MISY MIHAINO ao amin'ny Kaominina Ambanivohitry Alakamisy Ambohimaha, Disitrikan'ny Lalangina

3- Fampahafana ny vehivavy, toe-karena sy famoronana asa:

- NY FANDRAISAN'NY VEHIVAVY ANDRAIKITRA eo amin'ny SEHATRY NY FANAMPAHAN-KEVITRA

(CAMPAGNE50/50) amin'ny FILANA FOTOTRA ANDAVAN'ANDRO sy ny FILANA MAHARITRA MILA MPAIK'ADY

- Fampandraisana andraikitra, fanohanana, fiahiana, fampihariana an'ireo sokajy marefo

-Fanaovana izay hisian'ny fitoviana eo amin'ny fahafahana mahazo fahalalana satria betsaka lavitra ny vehivavy tsy sahy mijoro na maneho hevitra hampandroso ny toerana misy azy

-Fanentanana sy fampivondronana ny vehivavy tsy an'asa, omena fitaovam-pamokarana

- Fampahafantarana ny lalana sy fanaparitahana amin'ny vahoaka ny laharana maintso

### 23. Fiaraha-miasa amin'ny mpiara-miombon'antoka sy tambazotra samihafa (200 words)

**Inona / Iza no nahatonga io fiaraha-miasa io? – governmenta, fokontany, fiarahamonim-pirenena, fikambanana miankina amin'ny fiangonana. Iza no mpisehatra anaty miralenta niarahana niasa? Inona ny andraikitr'izy ireo tsirairay avy?(Teny miisa 200) \***

Maison digitale pour les femmes: Fitaizana ara-tsaina ireo zatovo hanana tanjona matotra hitsinjovany ny ho avy REV (Reseau pour l'Eradication de la Violence): tambazotra hiadiana amin'ny herisetra, izay tena mandray an-tanana sy mamerina an'ireo vehivavy eny anivon'ny fianakaviany sy fiarahamonina misy azy.

CAFF (Collectifs des Associations de Femmes de Fianarantsoa) izay tena mandray an-tanana an'ireo disadisa eny anivon'ny fiaraha-monina anatin'ny faritra matsiatra ambony ao amin'ny ivon-toeram-pihainoana CECJ/CAFF Association HAONA SOA, izay mametraka ireo tambazotra ny vehivavy ho antoky ny fampivoarana ny fiainan'ny Malagasy amin'ireo kaominina telo vaovao.

ADRA Asotry, asa fampandrosoana any ambanivohitra

VOZAMA, fambolena-kazo sy asa fampahafana ny vehivavy

Tambazotra ho fiarovana ny ankizy (RPE): izay tena mandray anjara feno tanteraka amin'ny rehetra fa indrindra ity "Centre Ambalakilonga "ity.

Fiara-miasa amin'ny fitsarana, servisy fahasalamana (CSBII, CHU, BMH)

VSF, Vehivavy Siansa sy Fampandrosoana miara miasa amin'ny Haut-Commissariat aux Droits de l'Homme amin'ny fanaraha-maso ny zon'ny olombelona

CEDII, izay ivon-toerana hifanakalozan-kevitra sy hifampizarana vaovao amin'ny maha-servisy, fikambanana rehetra, mpiaramonim-pirenena

Miara miasa amin'ireo haino aman-jery

GTPS (Goupe Thematique pour la Protection Sociale) izay tarihin'ny Ministeran'ny Mponina iarahana amin'ny servisy rehetra ho fanohanana, fiahiana ny zokiolona sy ny ankizy ary fampihariana ny vehivavy sy ny olona manana fahasambanana

### 24. Paikady (200 words)

**Inona avy ireo paikady novolavolaina? oh fanerena ara-politika, fananganana fiarahamonim-pirenena, fandresendahatra mafonja, fampiasana ny haino aman-jery, fampiasana teknolojia samihafa**

1- Fanamafisana fahefana:

a) Ezaka isam-batan'olona

-Hery ao anaty

-Fahafahana manao zavatra avy amin'ny fanatsarana ny fanabeazana, ny fahasalamana, ny fahafahana miasa eo amin'ny sehatry ny toekarena

b) Ezaka hiarahana amin'ny hafa:

-Mila hery iombonana

oh: Fanentanana ny olona momban'ny miralenta, hetsika 50-50

-Fahefana amin'ny ny hafa eo amin'ny sehatra politika handraisana fanapahan-kevitra hampihariny rehetra

2- Fanentanana ny ministera rehetra, sehatra tsy miankina mba hanome tombodahiny ny fomba miralenta

3- Fifaninana tanana madio, fifaninana sekoly mendrika, fifaninana tokantrano tsy misy herisetra ary mampihatra ny miralenta izay niarahana tamin'ny tetikasa ADRA ASOTRY amin'ireo hetsika rehetra atao eny ifotony mba hampirisika azy ireo hanana fiaianana milamina, hampandroso ny ankohonana, ny tanana

4-Fanamafisana, fiofanana ny fikambanam-behivavy sy fifanakalozana amin'ireo kaominiana rahavavy amin'ny fampahafana ny vehivavy mba tsy hiankin-doha amin'ny hafa fa afaka mihetsika sy mitady vola

5-Fa raha politika mpitantana eo anivon'ny kaominina misy anay dia tena hita fa misongadina. Ny ben'ny tanana izay tsy mbola tao anatin'ny tontolon'ny miralenta no lasa mpanohana mavitsika ny hetsika rehetra. Ny fankalazana regionaly ny andron'ny vehivavy vita teo dia nahavory olona 8 000 maro.

6- Fampiofanana sy fanakalozan-kevitra amin'ireo andrimasompokonolona izay napetraka isaky ny fokintany 110, kaominina 16 amin'ny fandraisana an-tanana an'ireo olona eny ifotiny

## Teti-bola

**Ohatrinona (Dolara) ny teti-bola nanatanterahana ny asa. Araho ity rohy ity hamadiana ny vola Ariary ho Dolara US\$:** <http://www.oanda.com/currency/converter/>

**25. Ohatrinona amin'ny vola Dolara US\$ ny teti-bola natokana momba ny asa tsirairay. Aza asina elanelana ny tarehimarika na faingo (,) na teboka (.) Oh. 5000.Raha tsy nisy ny teti-bola dia 0 soratana "0".**

Gender specific allocation : 269512

Gender in mainstream projects (please specify below) : 1294

Amount contributed in cash or in kind by partner organisations (please specify below) : 269512

Total : 540318

**26. Iza no namatsy vola ny tetikasa ary hazavao fohifohy ny fomba fifandraisan'izy ireo tamin'ny kaominina**

-Nitombo ny fahatokisan-tenan'ny vehivavy ary nahazo toky ny lehilahy amin'ilay teny fanevanay hanatrantrarana ny 50% :TSY HIFANINANA FA HIFANAMPY izay iarahana amin'ny MAISON DIGITALE POUR LES FEMMES izay vatsian'ny Solidarité Orange de Madagascar

-Centre Exsodoce Ambalakilonga izay mandray an-tanana ny rehetra amin'ny sakafo, fampiantranoana amin'ny hetsika ataon'ireo mpisehatra ara-tsosialy amin'ny ady atao amin'ny fampijaliana ny ankizy, manome mari-pankasitrahana

-ADRA ASOTRY: manampy amin'ny fampandehana ny hetsika toy ny banderole, loka amin'ny fifaninana tokantrano tsy misy herisetra ary mampihatra ny miralenta, zava-maneno, sns

-LA VITA PER TE:Tsy namatsy vola fa niara-niasa amin'ny mpiasan'ny fahasalamana sy kaominina tamin'ny fikarakarana ireo vehivavy izay nanao fitiliana homamiadan'ny nono sy vozon'ny tranon-jaza. Maimaim-poana izany rehetra izany amin'nireo hetsika atao isan-taona.

-Ny Tetik'asa LAMINA amin'ny fanampiana ireo vehivavy hisoratra amin'ny taniny (niakatra 28% ny vehivavy nanao karatany raha 15% izany tany ampiandohana

-Ministera miadidy ny fahasalamam-bahoaka izay tena miara-miasa akaiky amin'ny servisy rehetra sy kaominina ka nanome vola solom-paladia hoan'ireo miara misalaha sy mpanentana ara-pahasalamana izay miara-miasa.

-Ny Ministera miadidy ny mponina sy fiahiana ara-tsosialy ary ny fampivoarana ny vehivavy izay miantsooka ny fampitaovana, hanatanterahana ny asa.

-Fampitaovana an'ilay ivo toerana fihainoana sy torohevitra araka ny lalàna (CECJ/MISY MIHAINO) ao amin'ny kaominina ambanivohitry Alakamisy Ambohimaha, Distikan'ny Lalangina avy amin'ny Andriamatoa Depiote voafidy ao Lalangina

## 27. Iza no namatsy vola ny tetikasa ary hazavao fohifohy ny fomba fifandraisan'izy ireo tamin'ny kaominina

- Nitombo ny fahatokisan-tenan'ny vehivavy ary nahazo toky ny lehilahy amin'ilay teny fanevanay hanatrantrarana ny 50% :TSY HIFANINANA FA HIFANAMPY izay iarahana amin'ny MAISON DIGITALE POUR LES FEMMES izay vatsian'ny Solidarité Orange de Madagascar
- Centre Exsodoce Ambalakilonga izay mandray an-tanana ny rehetra amin'ny sakafo, fampiantranoana amin'ny hetsika ataon'ireo mpisehatra ara-tsosialy amin'ny ady atao amin'ny fampijaliana ny ankizy, manome mari-pankasitrahana
- ADRA ASOTRY: manampy amin'ny fampandehanana ny hetsika toy ny banderole, loka amin'ny fifaninana tokantrano tsy misy herisetra ary mampihatra ny miralenta, zava-maneno, sns
- LA VITA PER TE:Tsy namatsy vola fa niara-niasa amin'ny mpiasan'ny fahasalamana sy kaominina tamin'ny fikarakarana ireo vehivavy izay nanao fitiliana homamiadan'ny nono sy vozon'ny tranon-jaza. Maimaim-poana izany rehetra izany amin'nireo hetsika atao isan-taona.
- Ny Tetik'asa LAMINA amin'ny fanampiana ireo vehivavy hisoratra amin'ny taniny (niakatra 28% ny vehivavy nanao karatany raha 15% izany tany ampiandohana
- Ministera miadidy ny fahasalamam-bahoaka izay tena miara-miasa akaiky amin'ny servisy rehetra sy kaominina ka nanome vola solom-paladia hoan'ireo miara misalaha sy mpanentana ara-pahasalamana izay miara-miasa.
- Ny Minisitera miadidy ny mponina sy fiahiana ara-tsosialy ary ny fampivoarana ny vehivavy izay miantsoroka ny fampitaovana, hanatanterahana ny asa.
- Fampitaovana an'ilay ivo toerana fihainoana sy torohevitra araka ny lalàna (CECJ/MISY MIHAINO) ao amin'ny kaominina ambanivohitry Alakamisy Ambohimaha, Distikan'ny Lalangina avy amin'ny Andriamatoa Depiote voafidy ao Lalangina

## 28. Vondron'olona nahazo tombontsoa (isany). Aza asina elanelana ny tarehimarika na faingo (,) na teboka (.). Oh. 5000. Raha toa ka 0 ny valiny dia soraty hoe "0".

	Vavy	Lahy	Fitambarany
Nahazo tombontsoa mivantana	6000	2000	8000
Nahazo tombontsoa an-kolaka (Oh. Tamin'ny alalan'ny tambazotra)	18000	12000	30000
Nahazo tombontsoa amin'ny alalan'ny fampiasana teknolojia vaovao (Oh. Tranokala, mailaka, lahatsoratra)	350	620	970
Fitambarany	24350	14620	38970



## 29. Olana nosedraina (Teny miisa 300)

**Inona avy ireo olana nosedraina tamin'ny fanatanterahana ny asa? Inona no natao mba hamahana izany olana izany?**

- Tsy fananana toerana mba hametrahana vonjimaika ireo tovovavy ireo rehefa sendra olana
- Tsy fananan'ny vahoaka toky intsony ny fitondram-panjakana
- Fampiasana voambolana izay tsy mifanaraka amin'ny tontolon'ny zava-misy any ambanivohitra
- Tsy fandriam-palemana
- Fari-pahaizan'ny olona mandray ilay fanentanana sy hafatra izay tiana hampitaina
- Mitsoaka an-daharana ilay vehivavy noho ny fahatahorana ny fianakaviany
- Ny tsy fahampian'ny fanabeazana ampy ananan'ny vahoaka
- Rehefa milamina koa anefa ireo ao an-tokantranony dia tsy avelan'ilay lehilahy mivoaka noho ny fahasarotampiarony
- Tsy fananan'ny fikambanana enti-manana hanatanterahana ny asa
- Fomba fiasa: Fandraisanan-tanana an'ireo olona iharan'ny herisetra dia mapasiaka ireo ray aman-dreny na vadin'izy ireo na ny olona miaraka amin'izy ireo fa heverindreo fa miditra amin'ny zavatra tsy tokony hidirana izahay ka indraindray dia mihevitra anay toy ny fahavalo ary mampitahotra anay mihintsy ny sasany.
- Miaina amin'ny zava-misy ary mitady fiaraha-miasa amin'ny hafa

Mba hamahana izany olana izany dia ireto manaraka ireto:

- Ny Fanentanana sy fandresehan-dahatra ny mponina mba andraisana andraikitra eo amin'ny fiainana
- Ny fampianarana ny zo aman-dalàna sy ireo izay tsara ho fantatra
- Ny fiaraha miasa amin'ireo hery velona rehetra, mpiaramiombona antoka
- Fiaraha miasa amin'ny BIANCO
- Fampianarana mamaky teny sy manoratra
- Fampianarana fandrafetana drafi-pihariana
- Fanentanana sy fandresen-dahatr'ireo lehilahy mba hamela ny vadindreo hiasa na manao asa mampidi-bola malalaka
- Fanamafisana ny fahaiza-manao an'ireo vehivavy amin'ny lafiny rehetra mba hahatsara ny fidiram-bola, ny fampiasam-bola ary ny fitantanana ny vola ampiasain'izy ireo

### 30. Vokatra fohy ezaka sy dingana manaraka (teny miisa 300 )

**Inona no efa vita? Ahoana ny fomba ampaharitra izany? Inona no mbola tokony ho atao?**

1- Ny asa vita dia ireto manaraka ireto:

a) Fanadihadiana ny miralenta eo anivon'ny fiarahamonina:

Famaritana sy fanadihadiana ny zava-misy iainana eo anivon'ny fiarahamonina mahakasika ny fijerena ny miralenta, famaritana paikady, fanatanterahana ny asa fampidirana ny miralenta ary ny fizohiana sy tombana mba ahafahana mamaly ny filan'ireo mponina

b) Fampahafantarana ny zon'ny ankizy, ny vehivavy, ny zokiolona, ny olona manana fahasembanana

-Fampiofanana komity ny miralenta, andrimasompokonolona napetraka eny anivon'ny fokontany sy kaominina -

Fampiofanana, fampianarana, filaminana amin'ireo mpitarika ny vondrona miady amin'ny herisetra

-Fanentanana eny anivon'ny sekoly, tobim-pahasalamana, fikambanam-behivavy, fiangonana amin'ny ady atao amin'ny herisetra mifototra amin'ny miralenta

-Fanentanana sy fanatanterahana fitiliana maimaim-poana, vehivavy bevohoka sy lehilahy nandray anjara tamin'izany iarahana amin'ny LA VITA PERTE

-Hetsika maro isan-karazany mba ahatongavan'ny sain'ny olona hirona amin'ny fampandrosoana (Journées thématiques)

-Fandraisana an-tanana an'ireo olona hiaran'ny herisetra amin'ny dingana rehetra

2- Ny fomba ampaharitra izany: Maro ireo tambazotra natsangana hanamora ny fiaraha-miasa, fampahafana ireo sokajin'ny olona marefo

-Tafatsangana ny tambazotra ny fiahiana ara-tsosialy (GTPS)

-Tambazotra ho fiarovana ny ankizy eo anivon'ny disitrika, anivon'ny kaominina (RPE)

-Ivontoerana fihainoana an'ireo olona manana olana ara-piaraha-monina (CECJ/MISY MIHAINO)

-Plateforme national miady amin'ny herisetra napetraky ny ministera, platefome rezionaly (PFRLCVBG)

-Plateforme MIARO mitolona amin'ny fampijaliana ny ankizy

-Fikambanan mijoro, manentana momban'ny herisetra sy miralenta (VSF, kaominina mendrika Sahambavy)

-Fandresen-dahatra eo amin'ny fampiharana ny miralenta eny ifotony, fanatanterahana ny paikady miralenta eo amin'ny kaomina

-Fampakarana ny tahan'ny vehivavy hilatsaka ho fidiana hanao ny asan'ny benin'ny tanana sy mpanolon-tsaina ho 50/50

3- Ny mbola tokony hatao dia:

-Mitady mpiara-miombon'antoka hafa hanao famantsiana hikarakarana ivo-toerana na Ankany. Sady tsy hampisy fahatapahan'ireo tolotra amin'ny fampahafana ny vehivavy

-Atao mafonja kokoa noho ny teo aloha ny fanentanana sy fandresen-dahatra

-Fanentanana an'ireo ministera rehetra, sehatra tsy miankina mba hanome tombodahiny ny fomba fijery miralenta

-Famporisihana ireo sokajin'olona marefo izay vonona sy handray andraikitra amin'ny asa fampandrosoana

### 31. Vokatra lavitra ezaka (200 words)

**Ahoana no ahafahan'ity tetikasa ity mamaha ireo olana amin'ny fomba maharitra?**

Ny ahafahana mamaha an'ireo olana amin'ny fomba maharitra

-Ny fanohizana ny asa sy ireo ezaka efa vita

-Miezaka hatrany amin'ny fanantanterana ireo tanjona mbola tsy tratra.

-Ny fametrahana ivon-toerana fandraisana vonjy maika hoan'ireo iharan'ny herisetra

-Ny fitadiavana mpiaramiombon'antoka hanao famatsiam-bola hanatanterahana ny ivo-toerana sy Ankany - Fanentanana an'ireo ministera rehetra, sehatra tsy miankina mba hanome tombodahiny ny fomba fijery miralenta

-Miopana amin'ny fampandraisana andraikitra sy fanohanana ary fampahatongavatsaina ny asa natao.

\*Ezaka fiahiana ny zokiolona

\*Ezaka fampihariana ny vehivavy

\*Ezaka fiahiana sy fampihariana ny sembana

\*Ezaka fiahiana ny ankizy

-Fanamafisana ny fitondrana tsara tantana mba aharitra mandrakizay ilay tolotra napetraka amin'ireo fikambanana izay nomena fitaovana sy fiofanana ireo

-Fampitomboana ny asa mapidi-bola (Activés Generatrice Revenue)

-Fanintarana ny fampianarana Mamaky teny tsy Manoratra ary Mikajy

-Fampianarana fandrafetana drafy-piharihana

-Fanamafisana sy fanatsarana ny ezaka natao hisorohana sy hampihenana ary hamongorana ny herisetra indrindra fa ny herisetra mianjady amin'ny vehivavy

-Fametrahana tambazotra ny tanora fa lasa mirona amin'ny firaisana aloha loatra sy fanambadiana aloha loatra ny tanora

-Fametrahana ivon-toerana fanofanana ara-kasa hoan'ny tanora mba hampihenana ny tokan-tranomaso, fisaraham-panambadiana, ary ny vohoka sy irina, fampihenana ny tahan'ny fifohana zava-mahadomelina sy ny fisetroan-toaka ary ny famokarana sy ny fivarotana izany.

### 32. Fampianarana sy fampiharana (200 words)

**Inona avy ireo lesona azo notsoahina tao anatin'ny tetikasanao ary ahoana ny fomba ampiarana izany?**

1- Ireo lesona azo notsoahina tao anatin'ny tetikasako dia:

-Tena manampy amin'ireo mpiara miasa ny fivoriana isaky ny alatsinainy satria mifandimby manao tatitry ny asa vita ny tsirairay sady misy fifanakalozan-kevitra amin'ny fanatanterahana ny asa sy fanatsarana ny asa

-Izay tsy mahay sobika dia mahay fatram-bary.

-Tsy mihaino feo-dakolosy tokana fa ny hevity ny maro no mahataka-davitra.

-Mifampizara traikefa ny samy ministera, samy fikambanana, sy ireo mpiaranombon'antoka maro hafa koa.

-Ny firaisan-kina no hery. Rehefa mitambatra ny hery dia matanjaka sy mahavita zavatra.

-Tsy maintsy mandresy n'inona n'inona ny asa sy hetsika atao.

2- Ny fomba ampiarana izany dia:

-Ilaina ny fandrisiona ny vehivavy mba ho tafiditra eo amin'ny sehatry fanampahan-kevitra izy , ny fanohanana sy ny tahan-tsoroka mba ahafantarany ny asa aman-andrikiny no ahafahany mandray anjara , ary ny fifehezana ny fitarihana sy ny fintantanana ary indrindra ny fampiasana ny fahefana no mitondra ny fanovana ho any amin'ny fampandrosoana

-Ilaina foana ny fanamafisana matetika ny fahaiza-manao mba tsy hilaozan'ny toe-trandro ny fahaizanao sy ny asa ho tanterahinao

-Natao ny jery todika ny drafitrana an'ireo aloha ary natao ny fanitsiana hifanaraka amin'ny zavatra rehetra natao nandritra ny fampiofanana.

### POROFO

**Ampidiro eto ny porofo rehetra hanamarinana ny asa vita. Azonao atao ny manome rohy raha toa ka horonan-tsary no tianao ampidirina. Tsy tokony hihoatra ny 50 MB nefa izany.**

**33. Lahatsoratra an-gazety na Fijoroana vavolombelona na taratasy fanohanana avy amin'ny mpiaramiombon'antoka/fankasitrahana ny asa vita**

[Porof1.jpg](#)

**34. Lahatsoratra an-gazety na Fijoroana vavolombelona na taratasy fanohanana avy amin'ny mpiaramiombon'antoka/fankasitrahana ny asa vita**

[Porof2.jpg](#)

**35. Lahatsoratra nosoratana na nalefa tamin'ny haino aman-jery**

[Boky\\_.jpg](#)

**36. Boky kely fampahafantarana**

[Boky.png](#)

[Boky\\_3.jpg](#)

[Boky4.jpg](#)

**37. Valonana fampahafantarana (Dépliant)**

[brochure1.jpg](#)

[dépliant.jpg](#)

[Porof5.jpg](#)

**38. Horonan-tsary. Ampidiro eto ny rohy.**

[www.youtube.com/watch?v=426ACwYgKSs](http://www.youtube.com/watch?v=426ACwYgKSs)

**Sary:**

Ampidiro ny sary manaporofa ny asa na ny sarinao (telo farafahabetsany). Tsy tokony hihoatra ny 50 MB ny sary iray. Tokony hisy anarana toy izao manaraka izao ny sary tsirairay:

**Anaran'ilaysary\_Nyanaranao\_firenena\_volanasytaona**

**Oh. vehivavyenyantsena\_andryrandria\_madagascar\_062016**

**39. Sary 1**

[Fanamafisana fahaiza-manao ny ekipa foibe-paritry ny Mponina sy Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampivoarana ny Vehivavy- Novambra 2018- Espace TINA Fianarantsoa.jpg](#)

#### **40. Ampidiro eto ny Sary 1 sy ny momba io sary io**

Iza? Anarana sy fanampin'anaran'ny olona tsirairay raha toa ka latsaky ny dimy ny olona hita anaty sary; fanazavana momba ny sary raha mihoatra ny dimy ny olona hita ao : ekipa foibe-paritry ny Mponina sy Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampivoarana ny Vehivavy

Inona ny asa natao teo : Fanamafisana fahaiza-manao ny ekipa foibe-paritry ny Mponina sy Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampivoarana ny Vehivavy

Inona ny antony nanaovana ny asa : Fifanakalozana sy dinika amin'ny fanatsarana ny fomba fiasa

Aiza ny toerana nangalana ny sary : Espace TINA Fianarantsoa

Oviana no nanaovana ny asa : Novambra 2018

Iza no naka ny sary : Eric

#### **41. Sary 2**

[Fankalazana rezionaly ny andronny vehivavy- 8 mars 2019- CR Ambalakely.jpg](#)

#### **42. Ampidiro eto ny Sary 2 sy ny momba io sary io**

Iza? Anarana sy fanampin'anaran'ny olona tsirairay raha toa ka latsaky ny dimy ny olona hita anaty sary; fanazavana momba ny sary raha mihoatra ny dimy ny olona hita ao : Mponina anatin'ny distrika 07 mandrafitra faritra matsiatra ambony

Inona ny asa natao teo : Fankalazana rezionaly ny andron'ny vehivavy 8 mars 2019

Inona ny antony nanaovana ny asa : Hetsika firaisan-kina sy fiaraha mientana ny lahy sy ny vavy amin'ny andron'ny vehivavy 8 mars

Aiza ny toerana nangalana ny sary : Kaominian Ambanivohitra Ambalakely

Oviana no nanaovana ny asa : Mars 2019

Iza no naka ny sary : Miora

#### **43. Sary 3**

[Fampiofanana sy dinika arahina adi-hevitra aminireo mponina ifotony ho fampandrosoana maharitra- 26 Mai 2018 CR Vinaninoro.JPG](#)

#### **44. Ampidiro eto ny Sary 3 sy ny momba io sary io**

Iza? Anarana sy fanampin'anaran'ny olona tsirairay raha toa ka latsaky ny dimy ny olona hita anaty sary; fanazavana momba ny sary raha mihoatra ny dimy ny olona hita ao : Mponina ao amin'ny kaominina sy ireo mpitondra ifotony Inona ny asa natao teo : Fampiofanana sy dinika arahina adi-hevitra amin'ireo mponina ifotony ho fampandrosoana maharitra

Inona ny antony nanaovana ny asa : Fampahafantarana sy fanentana ny lehilahy sy ny vehivavy, ny ankizy momban'ny lalàna mifehy ny fanambadiana, herisetra, miralenta sy ny fampandrosoana

Aiza ny toerana nangalana ny sary : EPP Vinaninoro

Oviana no nanaovana ny asa : May 2018

Iza no naka ny sary : Raso

### **FANDALINANA**

**Fandalinana ny fiovana nentin'ny tetikasanao sy ny lohahevitra niasanao**

**45. Mariho amin'ireo lohahevitra momba ny fitantanana voalaza ireo ny lohahevitra izay tena mifanaraka amin'ny tetikasanao.**

Fahalalahana hiaina tsy misy fanavakavahana  
Zo hanana fahaleovan-tena tanteraka  
Zo hahazo fiarovana amin'ny fampanambadiana ankizy  
Zo handray anjara mitovy  
Zo hahazo fitsinjovana mitovy eo amin'ny toeran'ny mpanapa-kevitra  
Zo hisafidy

**46. Mariho amin'ireo lohahevitra momba ny fitantanana fanampiny ireo izay tena mifanaraka amin'ny tetikasanao.**

Fampanambadiana ny ankizy  
Zon'ny vitsy an'isa  
Fanampiana sy fanohanana ara-pitsarana  
Fitovian'ny isan'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny fitantanana  
Fitoviana eo amin'ny fandraisana anjara  
Fandravonana disadisa

**47. Mariho amin'ireo tanjona momba ny fitantanana voarakitra anatin'ny Fenitry SADC izay tena mifanaraka amin'ny tetikasanao.**

Fiezahana hamaritana ny fitovian'ny lahy sy ny vavy ao anatin'ny lalàmpanorenana ary hitsinjo fa tsy hisy lalàna na fepetra na fomba fanao mifanohitra amin'izany zo izany.  
Fanovana sy fanafoanana ny lalàna rehetra manavakavaka ny lahy sy ny vavy ary fanafoanana ihany koa ny fepetra manambany ny vehivavy  
Fanafoanana ny fepetra rehetra mampiankina ny vehivavy amin'ny rainy, ny vadiny, ny zanany lahy sy amin'izay rohim-pihavanana hafa ifamatorana amin'ny lehilahy  
Famaritana ny taonan'ny fanambadiana ho 18 taona  
Fiezahana hampitovy isa ny lahy sy ny vavy eo amin'ny sehatry ny fanapahan-kevitra rehetra, na eo amin'ny lafiny politika, na an'ny Fanjakana na an'ny tsy miankina, isan'izany ny fametrahana fepetra manokana hanomezana vahana ny vehivavy, mifanaraka amin'ny Andininy 5.  
Fametrahana fepetra manokana hampitombona ny isan'ny vehivavy mandray anjara amin'ny fanapahan-kevitra momba ny fandravonanan disadisa, fitandroana ny fandriam-pahalemana sy filaminana, mifanaraka amin'ny "Résolution 1325" momba ny filaminana sy fandriam-pahalemana navoakan'ny Firenena Mikambana

**48. Mariho amin'ireo Vondron'olona voalaza momba ny fitantanana ireo izay tena niantefan'ny tetikasanao.**

Vehivavy - amin'ny ankapobeny  
Lehilahy - amin'ny ankapobeny  
Ny tanora  
Mpifindra monina  
Olona manana fahasembanana

**49. Mariho amin'ireo Karazana asa natao momba ny toe-karena ireo izay tena mifanaraka amin'ny tetikasa nataonao.**

Fahazoa-miditra (accès)  
Fanovana politika/lalàna  
Fanamafisana fahaiza-manao

50. Mariho amin'ireo fiovana ireo izay tena mifanaraka amin'ny tetikasa nataonao.

Isam-batan'olona  
Olona akaiky  
Fiaraha-monina akaiky  
Fiaraha-monina amin'ny ankapobeny

51. Mariho amin'ireo Karazana fiiovana ireo izay tena mifanaraka amin'ny tetikasa nataonao.

Fiovana eo amin'ny politika, lalàna, fifehezana  
Fahafantaran'ny olona bebe kokoa momba ilay lohahevitra  
Fihatsarana eo amin'ny fikarakarana  
Fiovam-pijery, fitonian'ny fiantraikan'ny herisetra ara-tsaina  
Fiovana eo amin'ny fomba fiaina sy fomba fihetiska

52. To post questions on the summit and get regular updates please sign up to our [Community of Practice](#) and go to the forums section.

Did you sign up?

Yes

53. Tianao ve ny hahazo ny dika mitovy amin'ny fampiharana PDF anao?

Eny

54. Ampidiro ny adiresy mailaka tokony alefa any.

**MITADIAVANA - raha tsy raisinao ao anatin'ny minitra vitsy monja, dia alefaso azafady ny sora-baventy nalefanao raha misy izany.**

eliasycinna@yahoo.fr

**Efa manomboka mandefa ny fangatahana ianao. Aoka ho azo antoka fa vonona ny hanao izany ianao alohan'ny handehanana. Tsindrio ny bokotra "Back" raha ilaina.**

Misaotra anao amin'ny fandraisanao anjara!